FARIMBONA
Harrison RATOVONDRAHONA
CATEGORIE: MEDIAS

FIHAONAM-BE NASIONALY FAHAROA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FENITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA
18 – 19 – 20 Martsa 2013
HOTEL COLBERT ANTANANARIVO

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

FAMPAHAFANTARANA FOHIFOHY

- RNM (Radio Nationale Malagasy) Radio Madagasikara
- Malagasy tsy vakivolo
- Misy mpiasa 96 (Vavy : 34 Lahy: 62)
- Vehivavy 04 eo amin'ny toeran'ny mpanapa-kevitra sy misahana ny asa izay mahazatra ny lehilahy no misaha azy. Isaorana ihany koa anefa ireo lehilahy maro nifaneraserana tec amin'ny fangalana fihaonana tamin'ireo olona ireo)

FANADIHADIANA NATAO

- Fanadihadiana mifototra amin'ny fijoroana vavolom-belona ataon'ireo vehivavy mitana ny toeran'ny mpanapakevitra amin'ny oron'asa lehibe eto Madagasikara; Eo an'ivon'ny fitandroana ny filaminana; eo an'ivon'ny tontolon'ny fanantanjahantena
- Manaporofo ireo; eo amin'ny fampiroboroboana ny miralenta fa ny fampandrosoana , miainga ao antokatrano, fiaraha-monina, toera-mpiasana ary eo amin'ny firenena, dia iarahan'ny Lahy sy ny vavy mifarimbona.

Raha mihoatra amin'ireo tanjona 28 ao amin'ny Fenitry ny SADC, inona amin'ireo tanjona ireo no noezahana notratrarina?

TANJONA	ASA NATAO
Fandraisan'ny vehivavy anajara ny vehivavy; mifanatsahana amin'ny lehilahy; eo amin'ny toeran'ny Mpanapakevitra	Fandraisam-peo sy resadresaka nifanaovana tamin'ny •Talé misahana ny mahaolona eo an'ivon'ny Groupe TELMA •Vehivavy Misalotra ny Galona Jenenraly eo an'ivon'ny Pilsim-pirenena
Fandravana ireo Fijery ratsy napetraky ny fiaraha-monina momba ny vehivavy	Fandraisam-peo sy resadresaka nifanaovana tamin'ny Mpanao Gazety ara-mpanantanjahantena vehivavy

FANADIHADIANA

- Fanova-mpitondrantena hoan'ny fiaraha-monina malagasy no antony nanaovana izao fanadihadiana izao satria tsapa fa amin'ny tany andala-mpandrosoana tahaka an'I Madagasikara dia mbola miorim-paka ny toetsaina apetraky ny fiarahamonina izay milaza fa ny lehilahy no ambony mihoatra amin'ny vehivavy.

TANJONA

- Ny tanjona niaingana tamin'ny handrafetana ity fanadihadiana ity dia ny anaporofoana fa ny fampandrosoana , miainga ao antokatrano, fiaraha-monina, toera-mpiasana ary eo amin'ny firenena, dia iarahan'ny Lahy sy ny vavy mifarimbona.
  Anaporofoana ihany koa fa ny vehivavy dia afaka mipetraka tsara eo amin'ny toeran'ny mpanapakevitra sy afaka manao ireo sehatr'asa ambaran'ny fiarahamonina fa natokana hoan'ny lehilahy irery ihany.

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

Loharanom-baovao

- Ny talen'ny fitatanana ny olona ao amin'ny Groupe TELMA Madame RAHAINGONJATOVO Daniel
- Génerale Fischer Denise (Police)
- Griffine BAKOLINIRINA Journaliste Sportif
- Dr Hanta BARAK Directeur des Assistances medico-social, Ministère de la Population.

Nisy fiantraikany tamin'ny mpihaino sy ny mpandray anjara io fanadihadiana io

- Ny hita maso aloha dia nisy ireo nangataka ny hamerenana ny fandefasana ny fandaharana indray tamin'ny alalan'ny antso antarobia.
- Rehefa naheno ny fandefasana ny fandaharana ireo vahiny tao anatiny dia tonga saina sy gaga ary nanjary nidera-tena ary lasa nampitombo tao amin'izy ireo ny fahazotoany hanentana ireo vehivavy hafa manodidina azy.

- Ny tsy hita maso ary azo hinoana dia ny fahenoan'ireo vehivavy maro mikarakara tokatrano azy io satria ny Alakamisy 08 Marsta 2012 tamin'ny 06 ora sy 05 minitra no nadeha tao amin'ny onjam-peon'ny RNM. Fotoana maha ao antokatrano ny hakamaroan'ny vehivavy , ireo avy namboly sy tany antsaha. Ny vehivavy miasa ambirao koa tsy niasa nanerana ny Nosy ny tolakandron'io.

FANARAHA-MASO

- Tsy dia nisy fanaraha-maso lehibe loatra na “Systématique” fa ny hany tsapa dia saika niroso nanao fanadihadiana mitovitovy amin’io ny mpiara-miasa tao amin’ny RNM sy ny heno any amin’ny Radio tsy miankina sasany.
- Ny 08 Martsa lasa teo dia resy lahatra ny vehivavy maro mpanao Gazety sy Mpamokatra fandaharana ato amin’ny RNM fa hanomana fandaharana maro isan-karazany hanomezan-danja ny vehivavy . Mimi-reportage 10 minitra maro no hovokarina izay hiresahana ny mira-lenta sy ny ady amin’ny herisetra atao amin’ny vehivavy ka amin’ny alalan’ ny fijoroana vavolom-belona no hitrandrahana izany. hiainga amin’ny lohahevitra roa hanamarihina io andro io ireo fandaharana ireo : «Ry vehivavy,mandraisa anjara @ seha-pifidianana rehetra ary sahia mirotsaka ho fidiana, zoanao izany » , « Ho fampitsaharana ny herisetra mianjady @ vehivavy,ho tanterahantsika izany ».

- Ny nampiavaka azy ity dia mpanakanto vehivavy no maro an'isa nihira mivantana tao ami'ny Onjam-peon'ny RNM nanelanelana ireo fandaharana ireo. Akoatr'ireo fandaharana novokarin'ny vehivavy (izay tsy niasa ry zareo tamin'io fotoana io fa ny lehilahy no nanolotra azy ireo tao amin'ny Antenne) dia nisy ny fotoana namakiana ny hevitry ny mpihaino mifanerasera ao amin'ny Face Book Radio Madagasikara (www.facebook.com/Radio.Madagasikara) mikasika ny lohahevitra hoe : « Ahoana ny hevitrao raha vehivavy no mitantana na mitondra eny amin'ny Fokontany, Commune, Distrika misy anao ».

- Teo ihany koa ny 15minitra Fidirana mivantana amin'ny Antso antarobia nataon'izay vehivavy niaran'ny herisetra na vavolombelon'ny herisetra nitranga tamin'ny hafa.